



# Ny Misiterin'ny paradisa

## Bishop Earthquake Kelly

Nohadihadian'i Perry Stone jr. tamin'ny manifeste.

http://www.DivineRevelations.info/MALAGASY





Perry Stone, jr. on Manifest

--------------------- Ny Mpampiantrano (Perry Stone, Jr.) -------
Efa namoy zanaka angamba ianao na ny olom-pantatrao, zazakely, na ankizy tokony ho 8, 9, 10 taona eo na koa sakanjaza izay "nantsoin'ny Ray hody any aminy". Aiza izy ireo izao? Inona no ataony? Inona no zava-mitranga? Ary ahoana ny amin'ireo zaza nesorina? Ny fanahin'ireo zaza vao miforona, tena misy ve sa araka ny ampianarina hoe tambondron-tsela fotsiny izy ireny mandra-pahatongany ho ankizy.

Anio dia manam-bahiny miavaka aho eto amin'ny Manifest.Manatontosa andiam-pandaharana momba ny fiainana aorian'ny fahafatesana mantsy izahay, fandaharana anasana olona manana traikefa manokana momba izany, nahita ny paradisa izy ireo. Niendaka tamin'ny vatany ka nahita ny paradisa.

Ny Eveka Earthquake Curtis Kelley no vahiniko androany.Antsoina amin'ny anaram-bositra "Earthquake" (horohoron-tany) izy satria mpanao box taloha.Vao jerena fotsiny ranamana dia fantatra fa mpanao box.Soa ihany fa eo amin'ny sisiny.

Ry Eveka, Taona maro ianao no nanampy tamin'ny fanomezan-tsakafo ireo olo-mahantra avy eny "ambany tanàna", mpivaro-drongony sy mpifoka tsy azo laizina, sy mpivaro-tena, sady nitory tamin'ireo tena sahirana sy mitrongy vao homana.Nanan-janaka 24 taona ianao, ary koa namahana olona tao amin'ny distrikan'ny Watts izay fantatra tsara fa anisan'ny henjana indrina amin'ny asan-jiolahy eto Amerika.Nidirana an-keriny ny fiaran-janakao, voatifitra in-droa teo amin'ny tratrany izy tamin'izany ka maty teo noho eo tamin'ny 7 desambra 1998.

Noho ny alahelonao be loatra dia tratran'ny anevrysme tao amin'ny atidoha ianao ka tsy noheverina ho velona intsony. Tamin'ny desambra 2004 no nitrangan'izany.Nentina tany amin'ny hôpitaly ianao ary notantarainao tamiko ny fanaintainana sy ny hirifiry mafy tamin'izany. Tantarao aminay izay nitranga, tsara mantsy raha mandre izany ny olona.

------------------ Ny EvekaEarthquake Kelley -------------------
Vantany vao tonga tao amin'ny hôpitaly aho dia nentina tao amin'ny efitra fijerena. Tsy fantatro ho anevrysme no nahazo ahy. Noheveriko ho aretin-doha tsotra. Nomen-dry zareo fanafody aho fa tsy nandaitra, niharatsy ny fandehan-javatra.Vao may nibosesika nivoaka ny rivotra avy tao amin'ny vatako. Reko toy ny novakiana ny tratrako, tena toy ny aretim-po mahafaty.Tsy avy niaina aho ka niady mafy ho afaka hiaina.Voamariko fa niezaka mafy

nanampy ahy ilay mpitsabo sy ny vadiko, nefa lasa ihany aho ka tsy nahatsiaro tena.
Tsy nisy rivotra intsony tao amin'ny vatako nandritra izany, ary indro aho milatsaka any amin'ny hantsana lalina mahatsiravinabe.Tsy tokony hitranga izany satria mpitory aho. Teo ampilatsahana aho dia nihorakoraka sy niantsoantso mafy hoe: "*Andriamanitra ô! Nahoana no mitranga amiko izao? Olonao aho, nanompo anao lalandava, nanaraka antsakany sy andavany izay nolazainao.*" Nihanandre kiakiaka sy tolokon'olona maro aho. Rehefa tonga teo amin'ny faritra iray dia nijanona. Avy eo dia nandre an'Andriamanitra nanao hoe: "***Tiako ho re sy hitanao ny manjo ireo olona maty any amin'ny hôpitaly manerana izao tontolo izao nefa tsy manana ahy.***" Ringana izy ireo, izay no zava-misy. Ary hoy ihany izy, "***Aza matahotra fa ho fampitandremana ireo olona tsy manana ahy no anton'izao.***"
Rehefa izany dia niakatra indray aho ka nampidiriny tao amin'ny vatako.Reko tsara ireo mpitsabo manao izay ho afany hampiaina ahy indray.Reko avokoa ny resaky ny mpitsabo sy ireo mpanampy azy.Toy izao foana no naverimberiko, "inty aho, inty, velona, inty aho ho'aho!" Niasa mafy izy ireo nefa nony kelikely dia nijanona.Hoy izy ireo tamin'izany, "*Tsisy azontsika atao intsony.*" Niteny foana ny fanahiko hoe: "Velona aho," nefa tsy afaka nanokatra ny masoko aho na nanetsika na dia ny rantsantanako iray aza.Nanandrana nanainga rantsantànana aho fa tsy nety. "Velona aho", hoy aho nefa reko izy ireo nanomboka namono ireo milina rehetra satria efa tsy nanantena intsony.

Ary reko Andriamanitra nanao hoe "***Ahirato ny masonao.***" Rehefa nahiratro dia hoy ilay mpitsabo vavy iray teo, "*Tonga soa indray, noheverinay fa tsy ho avotra intsony ianao.*" Ary nentina haingana tamina efitra hafa indray aho ka nampidirana fantsona isankarazany, tao amin'ny efitra famonjena marary mafy.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Tantarao izay nitranga tao anefitranonao roa andro taorian'io.

----------------- Ny Eveka Earthquake Kelley ------------------
Tao anefitranoko aho, nidera an'Andriamanitra saingy mbola nanaintaina mafy.Tsy maintsy nofonosana vongan-gilasy lehibe roa ny lohako.Ambonibe loatra ny tosidrako.Nojerena isaky ny 15 minitra aho 'ndrao efa maty. Nojerena hatrany hatrany.

Niditra ny mpitsabo mpanampy iray ka hoy aho taminy, "Azonao ovaina télé kristiana ve azafady, tsy te-hahita horonantsarim-pôlisy feno fifampitifirana aho." Ary niezaka nitady izy fa tsy nahita ka hoy aho, "*Akatony fotsiny ary ny trano dia vonoy ny jiro*".

Rehefa nivoaka izy ka nanidy trano dia indro zavatra tsara tarehy mivongam-bolamena nankao antrano.Nojereko tsara izy io ka indro nipetraka teo an-tongom-pandriana.

Tsy afa-nihetsika firy aho fa nampatoriana, nefa niezaka nipetraka sady nanao hoe: "*Tsara tarehy kosa an! Inona io?*" Indray mipi-maso dia nobatainy avy teo am-pandriana aho.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Tsapanao nivoaka ny vatanao ve ny fanahinao, toy ilay ambaran'I Paoly ao amin'ny II kor: 12?

----------------- Ny Eveka Earthquake Kelley ------------------
Eny, niala ny vatako aho. Hitako izy teo ambany nefa tsy fantatro ka hoy aho, "*Henjana kosa ny mahazo an-drazoky izany an! Tsy izy intsony io.*" Izaho ihany amin'io ilay jereko. Segondra iray monja taorian'izay dia nentina niaraka tamin'ilay vongam-bolamena hankeo aminjaridaina kanto iray aho.Indro hazo ngezabe, tokony ho olona folo mifampitantana vao mahahodidina azy.Nahita bozabozaka koa aho, ny atibozaka rehetra dia samy misy diamondra sy ravaka sarobidy ary emeralda.Tsara voatra aoka izany ilay izy, Tsara lavitra miohatra amin'ny kianja fanaovan-golf.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------

Nitsangatsangana teny amboniny ve ianao?

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------
Mirefy eo amin'ny 1 m sy 95 aho, ilay anjely kosa tokony ho 2 m sy 13, ary hoy oy izy, "*'ndao, mitsangatsangàna eo."* Noheveriko handratra ny tongotro ireo emeralda tao anaty bozaka ka hiditra ao.Nefa hoy ilay anjely, "*Tsy maninona io fa mandehana*." Rehefa tena nandeha teo amboniny aho dia hay nalemy toy ny hasy izy ireo.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Mahavariana, nolazainao koa fa nahita ny reniranon'aina ianao.

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------
Eny, raha mbola namindra aho dia nahita renirano, toa manonja manaraka mozika no fijery azy.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Nandre feo-mozika ve ianao?

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -----------------
-- ie, nandre feo-mozika aho.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Nanonja niaraka tamin'ny mozika izany ilay rano. Fa mba toy ny ahoana ny endriny?

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------
Toy ny ranon-diamondra, toy ny diamondra natsonika, mivolon'avana samihafa.
Liana fatratra aho, te-hanao am-paosy. Te-hisotro, te-hilomano. Tsy mahay milomano aho nefa tany tonga dia te-hilomano. Liana tanteraka aho ka nanao anakam-po hoe: "Tokony ho hitan'ny olon-drehetra ity."
Hitako fa avy tao amin- trano avo tsara tarehy iray no iavian'ilay renirano. N a n d r e a n j e l y n i h i r a k o a a h o . Ary nijery teny ampitan'ilay rano aho ka indro ny zanako.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Ilay voatifitra, nisy fiovana ve ny endriny?

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------
Tsara tarehy be izy.Ary nihoraka mafy aho hoe: "*Hey, Scott*" Ka hoy izy, "*Dada*, *Dada*"
"*Ianao ve io*", hoy aho taminy. "*Eny ry dada, hoy izy, kanto lavitra noho izay nambaranao sy I mama ahy ity toerana ity."* Ary hoy aho, "*Scott, Afaka mankeny aminao eny ampita ve aho?*"
Ary hoy izy, "*Tsia ry dada, tsy mbola mety, tsy maintsy mbola miverina ianao.*"
Nefa hoy aho, "*Tsia an! Aiza ny sambo, tokony misy sambo eto.*"

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Te-ho eny aminy izany ianao, te-ho eny ampitan'ilay renirano?

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------
Mazava ho azy, te-hamihina azy aho.Tamin'ny 1998 no nahitako azy farany, 6 taona izay, tena te-hanafosafo azy mafy aho.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Enin-taona tamin'io no lasa. Toy ny endriny taloha izy, saingy nihatsara hoy ianao. Fantany ny anaranao, fantany fa ny dadany ianao, nilaza zavatra taminao ve izy?

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------
Eny, Toy izao no nambarany, "*Tsarovy ry dada fa nanome toky ahy ianao*"

Mpanao box aho ka sarotra taminy ny nahavoa ahy, Efa misosa fotsiny ny tanako ka voako foana izy, tsy nety resiny mihitsy aho. Raha nifanandrina tao an-dakozia izahay dia nijanona tampoka izy ka nofihininy mafy dia mafy aho, ny omalin'ny nahafatesany io. Hoy indrindra izy, "*Dada a! Omeo toky aho.*" Notereny mafy aho ka zara raha afa-niaina.Hoy aho, "*Fa misy inona, olana any am-piasàna sa …?*" H o y  n y  n a v a l i n y , "*Tsy izany ka! Dada ô! Tiako indrindra raha manome toky ahy ianao fa tsy hijanona, tsy hitsahatra ny hitory ny fanafahana ianao sy i mama, hanampy ireo andevozin'ny rongony sy ireo jiolahy mandrakariva. Tsy havelako ianao raha tsy manome toky ahy.*" "*ok, hoy aho, ok, eny anaka.*" Ary navotsony aho ka nanontany indray hoe: "*ô, ao tsara ve ianareo izany e?*" "*Ao tsara aho, hoy izy.*"
Ny ampitson'io, raha nandeha nitory fifohazam-panahy tany Nevada aho dia naharay ny antso faran'izay ratsy indrindra tamin'ny fiainako, nolazain'ny vadiko fa nidiran'ny olona ankeriny ny fiarany ka voatifitra in-droa teo amin'ny tratrany izy. Ny nahita azy tany amin'ny paradisa tena …tsy haiko ambara.Hoy izy tamiko, "Tsy maintsy mbola manohy ianao, tsy afaka mankety ianao satria mbola tsy tapitra ny andronao, tsy maintsy mamita hatramin'ny farany ianao. Efa nanome toky ahy ianao ka tsy maintsy miverina mamita ny asanao."

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Nahita olon-kafa ve ianao tany?

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------
Eny, nahita olom-pantatro hafa koa aho, ireo mpitory efa nody mandry, ireo efa naira-niombom-bavaka tamiko.Tery ampita daholo koa izy rehetra sady samy nanao hoe: "Tsy mahazo mankety ianao fa tsy maintsy mbola miverina."

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Raha niampita ilay renirano ianao dia tsy ho niverina intsony, toy izany ve ny fahitanao azy?

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------
Izay mihitsy no tao an-dohako ka nahatonga ahy hanao ny ezaka rehetra ho tafampita.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Nahita ankizy koa ianao e? Tantarao hoe! Nandona mafy ny foko mantsy izany.

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------
Rehefa nentin'ilay vongam-bolamena hiala tao amin'ilay efitra nitsaboana ahy aho dia nanopy maso ka nahita ankizy maro nihazakazaka. Nilalao izy ireo ka nankafy ery.Te-hiara-milalao amin'izy ireo aho, tena hitanao hoe faly indrindra izy ireo.

Rehefa nitsangana teo aho dia nandre ny Tompo nanao hoe: "**Iray amin'ireo ankizy ireo ianao.**" "Eny, hoy ny eritreritro." Nizara ho karazany telo ireo ankizy nilalao, toy ireo aty amintsika ihany. Nolazain'ny Tompo tamiko fa ny vondrona voalohany dia ireo maty noho ny ady, na loza,, na koa homa-miadana. Hita ao avokoa ny volon-koditra sy ny avy amin'ny firenena rehetra izay mety ho eritreretinao. Ary nisy vondrona hafa koa nilalao sy nihazakazaka ka hoy Izy, "***Iretsy kosa ireo zaza nesorina ka naverina aty amiko.***" Ary reko nanomboka nitomany Izy, Ray ô! Reko tamin'ny feony fa nalahelo mafy dia mafy Izy.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Alefany ety ireny ankizy ireny nefa averin'ny olona any aminy.

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------

Ary nisy vondrona hafa koa nilalao. Nolazainy fa ireo no ankizy izay nalefany tamin'ny '*mpiangona*' tety an-tany izay nanao ny fanaon'izao tontolo izao,, nanala zaza tany antakotakona izy ireo ka namerina ireo zaza aty.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------

O, izany an! Avondrony arakaraky ny zava-nitranga taminy izany izy ireo.

Nozarainao tamiko fa nilaza fampitandremana roa ho an'ny fiangonana ny Tompo. Tiako raha manaraka tsara ianareo rehetra satria ity lehilahy ity dia nanatrika ny Tompo mivantana.Tsy tamin'ny alalan'ny hosotra fotsiny fa tena fifanatrehana. Lazao anay ilay fampitandremana roa.

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------

Ho fampitandremana voalohany dia toy izao no nambarany, ***"ilazao ny oloko hibebaka! Tsy tena mandray ahy amim-pahamatorana mantsy izy ireo", hoy izy***.

Ny fampitandremany hafa dia hoe: "maro ny olona no manana lonilony amiko", toy ny hoe nanota aho." Nambarany koa fa, "misy mpiangona tsy mamela ahy noho izaho tsy nanome azy ireo ny zavatra nilainy tamin'ny fotoana nilany azy.  Na noho izaho tsy nampiroborobo ny minisiteran'izy ireo miohatra amin'ny an'ny hafa.  Na koa satria maty ny olona nivavahan'izy ireo.  Mitazona lolom-po amiko izy ireo. Raha tsy mamela ahy izy ireo dia tsy ho afaka hitahy azy ireo aho mba hampiroborobo azy."

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------

Herin-taona lasa izay, nitory momba ny "famelan-keloka ny Tompo" aho, ka rehefa nizara io ampahany io tamiko ianao dia tena gaga sy taitra mafy aho.Toy izao mantsy no nolazain' Andriamanitra: "mivavaka ny olona nefa tsy omeko izay angatahiny amin'ny fotoana sy fomba tiany hahazoana azy. Ary tezitra amiko izy ireo noho izany. Hoy koa izy taminao hoe: "***Tsy manota aho*** nefa omena tsiny toy ny olo-meloka".  Nolazainy fa tokony hamela azy ny olona, Raha te-ho afaka izy ireo dia tsy maintsy mamela an'Andriamanitra ka manao hoe: "*Miala tsiny indrindra ry Tompo ô! Noho ny fahadisoan-kevitro momba anao.*"

Ilay fampitandremana faharoa koa dia mampandinika làlina, ilay momba ny ministera. Nomena tany am-paradisa mihitsy izy io fa tsy tamin'ny alalan'ny vavaka fotsiny.  Nivoaka ny vatany izy rehefa notsaboina tao amin'ny hôpitaly noho ny anevrysmen'ny atidoha. Tena nandao azy nankany an-danitra ny fanahy sy ny ainy, lasa e!  Nihevi-tena ho efa maty izy, nahita ny zanany izay novonoin'ny jiolahy; tany am-paradisa izy no nandre ny Tompo niteny. 'ndao ary teneno.

------------------ Ny eveka Earthquake Kelley -------------------

Nolazainy fa misy mpitory manao izay tiany hatao, nefa efa nandefasany fampitandremana miampy fampitandremana miampy fampitandremana hibebaka noho ny fahotany.  Manambady, hono, izy ireo nefa manana olon-tiana maro koa. "efa niteny azy ireo im-betsaka aho mba hibebaka" hoy izy, "Variana mitady vola sy zavatra hafa izy raha tokony hitady ny tavako.  Efa nandefa fampitandremana miampy fampitandremana miampy fampitandremana ho azy ireo aho nefa izy tsy mety hibebaka. Satria izy mandà na dia efa nanarina mafy aza dia maro aminy no ho faty eo ambony pilipitra, eo amin'io toerana io izay tsy itoriany Ahy fa anasongadinany ny tenany."

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------

Hatry ny niverenanao ve ianao efa nahita olona niharan'izany?

------------------ Bishop Earthquake Kelley -------------------
Eny, olona roa fantatro tsara izay no efa hitako niharan'io. Tsy nahitsy izy ireo, niaina tamim-pihatsaram-belatsihy, fiainan-dratsy e, nefa nilaza ho mpitory ny filazan-tsara. Maty teo ambony pilipitra izy roa. Samy 39 taona.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------




Izany an! Tsy midika akory izany hoe izay maty tambonim-pilipitra na teo am-pitoriana dia novonoin'ny Tompo avokoa, saingy kosa mamerimberina mampitandrina Izy ny tokony hibebahana. Nizara tamiko koa ianao fa, araka ny fampitandreman'Andriamanitra dia hisy fanafihana mahery vaika hataon'ny mpampihorohoro eto Amerika raha tsy mibebaka ny olona.
Ny tsy fantatrao ry Eveka dia naharay antso aho, misy mpaminany avy any Ostralia izay. N i s e h o t a m i n y I J e s o s y k a n a n a o h o e : Raha tsy mivadika ny ROE vs. WADE any amerika .Raha tsy miova isy ireo ka manomboka miaro ireo nirahiko ho any aminy, ireo zaza madinika , **hotsaraina amin'ny fomba henjana dia henjana i Amerika manontolo** ka tsy ho fantatry ny olona intsony aorian'izay. Hazavao amin'ny antsipirihany ary izay hitanao.

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------
Nambarany fa hisy fahapotehana mahatsiravina hanjo ity firenena ity (USA). Nanehoany rivo-mahery aho. Tamin'ny desambra 2004 io, talohakelin'I Katrina.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Natoron'ny Tompo azy izany rehetra izany talohan'ny nitrangàny.

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------
Natorony mpampihorohoro vitsivitsy aho izay efa eto amin'ity firenena ity.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Na dia tsy hitanao tsara aza ny endrik'izy ireo hoy ianao dia fantatrao fa lehilahy efatra sy vehivavy iray mikambana amim-bondrona mpampihorohoro mangina izy ireo.Fanafihana henjana be io.Ho henjana loatra izy io ka tsy ho azon'ny olona izay tena antony. Faran'izay mahery vaika.

Tamin'iny herinandro iny, ny rahalahy Carter sy Tommy Bates dia niresaka ny nahafatesam-badin'ny rahalahy Cater nandritry ny 21 minitra ny nandehanany ary ny nahitany ny zanany efa maty voahitsaky ny kamiao 40 taona talohan'io.

Ny Eveka Kelley izay tratry ny anevrysmen'atidoha tao amin'ny toeram-pitsaboana, nahita toa sambon-danitra naka azy ka nitondra azy teo anatrehan'ny Tompo.
Hoy angamba ianao mpihaino hoe: "*Inona daholo ary izany?*" Ny II kor 12 dia manambara fa nentina tany amin'ny lanitra fahatelo izy, tany amin'ny paradisa; nahita zavatra tsy ho takatry ny olona an-tsaina mihitsy izy.Nambaran'I Paoly fa tsy hino isika raha hotantarainy amintsika ny hamaron'izay hitany tany.
1 Korintiana 2:9 **"**Izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao am-pon'ny olona, na inona na inona no efa namboarin'Andriamanitra ho an'izay tia Azy**"**

Fa ny Tompo kosa manambara amin'tsika ny zava-miafina amin'ny alalan'ny Fanahiny sy ny teniny izay fototra iorenantsika, ary koa amin'ny alalan'ny fitantaran'ireo olona efa niaina izany.

Hitanareo, misy mpitsabo iray izay any Chattanooga, Tennessee antsoina hoe Dr. Maurice S. Rawlings, nanoratra boky maro momba ny fiainana aorian'ny fahafatesana izy. Namelona ain'olona mareo efa tany amin'ny helo sy niala ny vatany ka nankany an-danitra izy. Tsy mbola mpino izy tany am-piandohana. Ny mpitsabo moa amin'ny ankapobeny tsy dia

miresaka azy io loatra. Miresaka amin'olona nivoaka ny vatany noho ny fandidiana izy ireo; miala ny vatany aorian'ny lozam-piarakodia.

Ambaran'ny baiboly fa fanahy sy vatana ary aina ny olona.Fantatro fa misy mino ny antsoina hoe: "soul sleep". Inoany amin'izany fa mijanona ao anaty vatana ny fanahy. Misy koa ireo mino ny afo fandiovana izay toerana "anadiovana" ny olona.
Nirahin'ny tompo aho hanao andiam-pandaharana mamahavaha izany fanontaniana rehetra momba ny paradisa izany.
Fa hono ho'aho ry Eveka, nanova tanteraka ny fijerinao ny fiainana sy ny ho avy ve ny nandehananao tany?

------------------ Ny eveka Earthquake Kelley -------------------
Mazava ho azy! Nolazain'ny Tompo ny tsy tokony handraisana izany ho vazivazy. Nefa ny olona tsy dia miraharaha loatra, tsy manome lanja.
Mandini-tena isanandro aho mba hijanona ao anaty vala. Miezaka ny tsy hiankavia loatra fa hijanona amin'Andriamanitra. Manetry tena mandohalika sy mitaraina amin'ny Tompo. Manatrika ny Tompo ka manao hoe: "*Tompo ô, tiako indrindra raha ampiasainao aho satria fantatro tsara ny any*." Tsy maintsy mampitandrina ny fanahy rehetra aho mba tsy ho tara loatra mandrakizay izy ireo. Izany izao no ataoko.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Misy boky mitondra ny lohan-teny hoe Heaven Golden Vessel – Fijoroam-bavolombelony io. (Jereo any amin'ny
Amazon.com)
Fahagagana ny mahita anao mipetraka eto fa mba efa nandre tantara maro momba ny anevrysme aho.Nolazain'ny dokotera taminao aza fa raha vao manao tarehy ratsy ianao dia ho faty.

------------------ Ny Eveka Earthquake Kelley -------------------
Napetram-badiko teo an-dohako ny tànany sady hoy izy, "*Aza mitarehy ratsy, ho faty avy atrany ianao raha manao izany.*" Noheverin'izy ireo fa ho faty teo aho.

--------------------- Perry Stone, Jr. -----------------------
Ohatry ny tsy avy nitsangana tamin'ny maty no fahitana anao fa mirijarija tsara. Namako iray izay no nanao hoe: "*Mila miresaka amin'io lehilahy io 'nareo.*" Rehefa nihaona taminao tany California aho dia efa namafy sahady noho ny fijoroanao.
Fantatro fa misy tsy mino izany ny olona, "tsy mitombina izany" hoy izy ireo. Ry vahoaka, henoy, fantatrao tsara raha tena nanana traikefa niaraka tamin'I Jesosy ianao. Fantatrao izany. Voninahitra lehibe ho anay ny nandray anao teto ry Eveka.

---

Website:
http://www.makemelikejesus.com/ekelley/
E-mail:
eqkelley@msn.com
Translator's E-mail
hery.steve@gmail.com